“Ary Jesoa nandeha eran’i Galilia ka nampianatra tao amin’ny synagogan’ny olona teo sy nitory ny filazantsaran’ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin’ny rofy rehetra tamin’ny olona. Ary niely eran’i Syria ny lazany, ka dia nentin’ny olona tany aminy ny marary rehetra, izay azon’ny aretina maro samy hafa sy ny fangirifiriana, dia ny demoniaka* sy izay mararin’ny androbe ary ny mararin’ny paralysisa, ka nahasitrana ireny Izy. [*Demoniaka = olona nidiran’ny demonia; izahao Matio 7:22] Dia nanaraka Azy ny vahoaka betsaka avy tany Galilia sy Dekapolisy sy Jerosalema sy Jodia ary ny avy tany an-dafin’i Jordana”. Matio 4 : 23 – 25